السنّة النبوية وعلومها
www.sunnah.global

# Allah tsy mandray asa afa-tsy izay atao an-kitsim-po, sy nampifaliany an'i Allah

Tatitra azo avy tamin'i Abou Omama Al-Bahili (R.A) niteny izy : Nisy lehilahy nanatona ny Mpaminany (S.A.W), ka niteny hoe : Hitanao ve raha nisy olona niady manantena valisoa sy dera eo amin'ny olona, dia inona no valisoa azony? Dia hoy ny irak'Allah (S.A.W) hoe : “Tsy misy valisoa azony”. Dia naverin'ilay rangahy in-telo ny fanontaniany dia namaly ny Mpaminany (S.A.W) hoe : “Tsy misy valisoa azony”, avy eo nolazainy hoe : "Allah tsy mandray asa afa-tsy izay atao an-kitsim-po, sy nampifaliany an'i Allah".
[Mari-pototra]

Nisy lehilahy tonga tany amin'ny Mpaminany (S.A.W) hanontany sy hanadihady azy ny didy momba ny lehilahy iray izay mivoaka hiady amin'ny jiady, mitady valisoa avy amin'I Allah ary maniry dera sy fankasitrahana avy amin'ny olona, ka moave mahazo valisoa izy? Namaly ny irak'Allah (S.A.W) nanao hoe : Tsy misy valisoa azony mihitsy; satria nampiditra zavatra hafa ankoatra an’I Allah tao anatin’ny fikasany izy. Ka namerina ny fanontaniany in-telo tamin’ny Mpaminany (S.A.W) ilay lehilahy, dia namaly azy ny Mpaminany (S.A.W) ary nanamafy izany valiny izany hoe : tsy misy valisoa ho azony, avy eo dia nolazain'ny Mpaminany (S.A.W) taminy ny fitsipiky mifehy ny fanekena ny asa eo anatrehan'IAllah : Ary Allah dia tsy mandray ny asa raha tsy natao ho an'I Allah izany rehetra izany ary tsy misy ifandraisany amin'ny zavatra hafa, ary izany dia noho ny amin’IAllah irery.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65107

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee